Tsy mifanaraka amin'ny ministra Lalatiana intsony

# Nametra-pialana ny tale jeneralin'ny Tranombokim-pirenena

Tsy nifanaraka tamin' ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy intsony, nametra-pialana ny tale jeneralin'ny Tranombokim-pirenena Andrianjaka Raonison. Naleony niala satria tsy mety intsony ny fiaraha-miasa. Izy izay nandray io toerana io tamin'ny 22 martsa 2019, nandimby toerana an'i Willy Rahetilahy. Tsy nambara ofisialy ny antony nitarika ho amin'izao fametraham-pialana izao, na izany aza tombanan'ny mpiasa ho tsy fitoviana fomba fijery sy resa-pitantanana no ambadik'izao.
Velon'ahiahy ny mpiaramiasa aminy, indrindra ireo mpiasan'ny ANTA (Agence Nationale d'Information Taratra) teo aloha, izay nisafidy ny hifindra hiasa ao, nisahana ny Arsiva; ny sasany lasa ao amin'ny ORTM, manoloana izao fametrahampialan'ny Tale Jeneraly izao, satria tsy misy mangirana mantsy hatreto ny mety ho fandraisana ho mpiasam-panjakana raikitra azy ireo.

**Stefa**



*Ny tale jeneralin'ny Tranombokim-pirenena nametra-pialana.*

Fanatsarana ny fitantanana ny OMDA

# Nanolotra tolo-dalàna teny amin'ny Antenimierampirenena ny artista

Ho fanatsarana ny fitantanana ny OMDA, na ny Ofisy Malagasy misahana ny zon'ny mpamorona, nanolotra tolo-dalàna teny amin'ny Antenimierampirenena ny solontenan'ny artista. Noraisin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine ny zoma maraina teo, teny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ireo solontenan'ny mpanakanto. Noresahina nandritra ny fihaonana ny mikasika ny tolo-dalàna manatsara ny fitantanana ny OMDA (Office Malagasy du Droit d'Auteur), izay natolotry ny Solombavambahoaka Rahasimanana Paul Bert na i Rossy. Mahatsapa ireo mpanakanto, fa fotoana izao anamboarana ny mikasika ny OMDA, satria ny lalàna mifehy azy dia efa tamin'ny taona 1994, ka tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy ankehitriny. Arak'izany dia nohenoin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena izy ireo, ary nampahalalainy ihany koa, fa efa voaray teo anivon'ny Antenimierampirenena io tolo-dalàna io ary efa nampitaina any amin'ny Governemanta, izay manana 30 andro hamaliana izany. Azo eritreretina arak'izany ny fandinihana ity tolo-dalàna ity mandritra ny fivoriana ara-potoanan'ny Parlemanta eto amintsika manaraka, hanomboka amin'ny volana oktobra ho avy io.

**Niaina**



*Solontenan'ny artista, anisan'ny teny amin'ny Antenimierampirenena ny herinandro lasa teo.*

Baie de Baly any Soalala

# May ny faritra arovana misy ireo Angonoka tsy misy afa tsy eto amintsika

Nirehitra efa ho 5 andro izao ny faritra arovana Baie de Baly, na ny Helodranon'i Baly any amin'ny distrikan'i Soalala faritra Boeny, toerana misy ireo sokatra Angonoka izay tsy misy afa tsy eto Madagasikara. Araka ny vaovao voaray, tsy nisy may aloha hatreto ireo sokatra Angonoka mampalaza an'i Madagasikara eran' izao tontolo izao ireo. Aaka ny vaovao avy amin'ny ministeran'ny tontolo iainana, ny 22 septambra 2022 dia nahazo fampandrenesana avy amin'ny Madagascar National Parks, mpitantana ny Faritra arovana Baie de Baly, ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Boeny-Betsiboka, fa misy firehetana nitranga tao amin'ny Faritra arovana Baie de Baly, toeram-ponenan'ireo sokatra Angonoka, izay tsy fahita raha tsy eto Madagasikara.
Tao amin'ny zone tampon ao Baly no niantombohan'ny afo ary nahakasika ny atiala (noyau dur) ao Ambida.



*Ny firehetana tao amin'ny faritra arovana Baie de Baly.*

Ny 23 septambra dia nidina avy hatrany tany antoerana ny ekipa DIREDD Boeny-Betsiboka sy ny mpamonjy voina (pompier), avy ao Mahajanga, ary nanaraka ihany koa ny ampitso ny Préfet an'i Mahajanga, ny Solombavambahoakan'i Soalala Said Zakaniaina Mahafaly Joseph, ny mpitandro filaminana avy amin'ny miaramila, ny zandarimariampirenena sy ny polisim-pirenena, izay nifarimbona tamin'ny fokonolona avy ao amin'ny fokontany Baly, Ankera, Soalala ary Antanamanintsy tamin'ny famonoana ny afo, izay efa nanomboka voafehy.
Nisy tranga firehetana vaovao miisa 3 indray nitranga nanomboka ny alahady 25 septambra 2022, tao anatin'ity Faritra arovana Baie de Baly ity ihany.
Nandray fepetra nidina any an-toerana avy hatrany ny OMC sy ny avy ao anivon'ny Ministeran' ny Fiarovam-pirenena sy ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka ary ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, nanatevindaharana ireo efa tonga tany an-toerana hamono ny afo, sy hanao ny fomba rehetra hiarovana ireo sokatra Angonoka izay monina ao anatin'ity Faritra arovana ity tsy ho may.
Sarotra ny fifehezana ny afo noho ny hamafin'ny rivotra sy ny fahasarotana amin'ny fidirana ao anaty ala, na dia efa manao izay ho afany aza ny rehetra amin'ny famonoana ny afo.
Efa manao ny fomba rehetra hiarovana ireto sokatra ireto tsy ho tratran'ny afo ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ankehitriny ary maneho sahady ny fisaorana ireo rehetra izay efa nanolo tanana hifehezana ny afo. Ary mbola manao antso avo amintsika rehetra izay afaka manolo-tanana hahafahana mifehy haingana ity afo ao amin'ny Faritra arovana Baly ity. Raha sanatria tsy voafehy fa hitohitohy izao afo any an-toerana izao, ahiana ho lany tamingana ireo sokatra Angonoka mampalaza iny distrikan'i Soalala iny, eto amin'izao tontolo izao.

**Niaina**

Basikety Fiba Africa Regional Youth camp 2022

# Hatao eto Madagasikara sy any Maroc ary any Sénégal

Hatao eto Madagasikara sy any Maroc ary any Sénégal ny hetsika basikety "FIba Regional Africa Youth Camp 2022" . Eto Madagasikara etsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina", amin'ny 11-12-13 ôktôbra ho avy izao no hatao ny eto Madagasikara. Amin'ny 18 ka hatramin'ny 20 ôktôbra 2022 kosa ny any Maroc no ho tontosaina ary amin'ny 24 ka hatramin'ny 26 ôktôbra 2022 ho avy izao ny any Sénégal. Eto Madagasikara dia tanora miisa 45 sy "coaches" miisa 15 avy amin'ny firenena afrikana miisa 15 no handray anjara amin'ny hetsika.

**Rainilita**




*"Fiba Africa Regional Youth camp".*

Cours MA pour instructeur d'Arbitre 2022

# Notolorana sertifikà izy 36 mianadahy

Nifarana tamin'ny alahady 25 septambra 2022 teo, teny amin'ny Complexe Sportif Cnaps Vontovorona, ny fampiofanana "cours ma pour instructeur d'arbitre 2022" eo amin'ny baolina kitra, izay naharitra dimy andro (21-25 septambra 2022), natomboka tamin'ny 21 septambra lasa teo. Notolorana sertifikà avokoa izy 36 mianadahy nandray anjara tamin'ity fiofanana ity, ka nisolotena ny filohan'ny FMF nanolotra an' izany ny filoha lefitra Erick Hervé, niaraka tamin'ireo "Instructeur d'arbitre de la FIFA" mirahalahy nitarika ny Cours. Hiverina any amin'ny Faritra niaviany avy ary hampihàtra avy hatrany ny lesona azo nandritra ny fampiofanana ireto Instructeur d'arbitre ireto.

**Rainilita**




*Teny amin'ny « Complexe Sportif CNAPS Vontovorona ».*